
# 365Tantara 39.Manan-karena sa mahantra?



# 39. Manan-karena sa mahantra?

Tamin'ny faha-15 taonako dia nalefan'i dada sy neny tany ambanivohitra aho mba ahatsapako ny hamafin'ny fiainana. Satria tokoa izaho dia tsy nahatsapa ny tombontsoako miaina anaty fianakaviana manan-karena ary tsy mahay mankasitraka aho.

Tombontsoa, izay no niheverany azy... Nalefany iray volana tany amin'ny nenitoa-ko aho, fianakaviana tantsaha any Jura, any atsinanan'i Frantsa. Nandritra ny iray volana no niainako niaraka tamin'io fianakaviana tantsaha io. Ny ankabeazan'ny androko dia teny antsaha. Rehefa niverina aho dia nanonta¬nian'i dada hoe:



“Inona no eritreretinao momba ny zavatra niainanao tany ambanivohitra?” Namaly vilana aho hoe: Tsara!

Nisisika nanontany izy, tiany ho fantatra: "Inona no nianaranao?"

"Nianatra aho fa manana alika iray isika fa zareo manana efatra, miampy ny saka, ny bitro ary ny akoho, kisoa, gisa sy gana".



“Manana dobo filomanosana ngezabe isika ao an-tokotanintsika misy rano voatsabo izay tsy maintsy diovina tsy tapaka, hamarinina ny "pH", ampiana ny klôro. Zareo, manana renirano manontolo misy rano madio miaraka amin’ ny trondro ary koa zavatra hafa mahafinaritra !

Manana jiro mirehitra isika ao an-jaridainantsika ; zareo ma¬nana ny volana sy ny kintana manazava azy ireo ny alina."



"Ny zaridainantsika hatreo amin'ny rindrina fa ny an-dry zareo hatrany amin’ny faravodilanitra. Isika mihinana sakafo vidina vita; zareo mahandro sakafo matsiro be. Isika mihaino mozika amin’ ny diska na amin’ ny radiô na amin’ ny fahitalavitra; zareo mihaino tsy mety tapitra ny feon’ny vorona, ny jorery, ny angely sy ireo biby madinika, ary indraindray maheno ny feon'ny mpifanolo-bodirindrina mihira mahafinaritra be rehefa miasa eo amin’ny taniny. Isika mampiasa “micro-ondes”; zareo mankafy ny tsiron'ny sakafo nandrahoana tamin'ny kitay. Mba hiarovantsika tena, dia hodidinina rindrina avo be ny trano miaraka amin’ ny fanairana, lakile, sy fitaovana fiarovana. Zareo, miaina amin’ny varavarana misokatra, tsy misy fanalahidy, voaro amin'ny fisakaizan'ny mpifanolo-bodirindrina. Isika  miaina mifandray amin'ny findaintsika, ny ôrdinaterantsika, ny fahitalavitra. Zareo, mifandray amin'ny aina, ny lanitra, ny tany, ny rano, ny zava-maintso, ny biby”.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Ankina tanteraka tamin'ny hevitro ny raiko! Ary dia nofaranako hoe: "Misaotra dada â! Navelanao ahatsapa aho hoe hatraiza ny mampahantra antsika". Isan'andro dia miha-mahantra isika. Te hanana foana isika, hanana, hanana mihoatra foana. Izany no tanjona voalohany amintsika. Ireo izay lazaina fa mahantra anefa, hay tena manan-karena lavitra noho isika. Ary, manan-karena ny tena harena izy ireo. Hoy Gary Snyder: "ny tena harena, dia ny tsy filana na inon na inona", ary marina izany! Izay nahita an'i Jesosy, ho Tompo sy Mpamonjiny dia tsy mila ny zavatra izay atolotr'izao tontolo izao! Afaka miaina finaritra miaraka amin'ny mpahary azy.

Sambatra ve ianao?

Moa manana io tena harena ao am-po io ve ianao?